


FINOANA, NA INON-KIDONA NA INON-KITRANGA

Lesona 5 hatao ny 4 May, 2024




"Ato am-poko no iraketako ny teninao,
mba tsy hanotako aminao"
(Salamo 119:11)



Tamin'ny taonjato faha-16, ny asa natombok'i Wycliffe, “ilay kintan'ny Fanavaozana ara-pivavahana”, 200 taona mialoha, dia nanomboka namirapiratra. Tonga ny fisandratan'ny fanavaozana.

Tomboka fototra dimy no fototra iorenan'io fanavaozana ara-pivavahana io:

- ★ 1. *Sola Scriptura* (Soratra Masina irery ihany)
- ★ 2. *Sola gratia* (fahasoavana irery ihany)
- ★ 3. *Sola fide* (finoana irery ihany)
- ★ 4. *Solus Christus* (Kristy irery ihany)
- ★ 5. *Soli Deo gloria* (ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra)



Ny fototra iorenan'ny finoana:

- 🟢 *Sola Scriptura* / *soli Deo gloria*.
- 🟦 Ny Baiboly ho an'ny rehetra.
- 🟪 Ny Mpandika ny Baiboly.



Ny fototra iorenan'ny famonjena:

- 🟠 *Sola gratia* / *sola fide* / *solus Christus*.
- 🟣 Mitombo amin'ny fahasoavana.



**NY FOTOTRA
IORENAN'NY
FINOANA**

SOLA SCRIPTURA / SOLI DEO GLORIA

"Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko; fa nantsoina tamin'ny anaranao aho, Jehovah, Andriamanitry ny maro ô" (Jeremia 15:16)

Nanova ara-bakiteny an'izao tontolo izao ireo mpanavao fivavahana tamin'ny taonjato faha-16.

Nasehon'izy ireo mazava anefa fa tsy misy zavatra manokana momba azy ireo. Olona novan'Andriamanitra izy ireo. Noho izany antony izany no nanambaran'izy ireo hoe: "Ho

an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra"
Ahoana no nanatanteraka izany fiavana izany teo amin'izy ireo? Ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra no nanatanteraka fahagagana.

Inona no nataon'ny Baiboly ho azy ireo, ary inona no azony atao ho antsika?

Izy no fototra iorenan'ny finoana

Amin'ny finoana ny teny fikasana, dia mihavao ny finoantsika sy ny herim-pontsika

Toy voan'ny hazon'aina ny raviny

Mizara fifaliana, fanantenana ary hazavana

Mitari-dalana antsika, manome toky, hery ary fahendrena

Mitondra fiainana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po ary ara-panahy

Tao anatin'ireny fotoan-tsarotra ireny, nofenoiny ny Baiboly ny fiainan'izy ireo, na dia niafara tamin'ny famoizany ny ainy aza mba hitoetra mahatoky amin'ny fampianarany. Ary ankehitriny, mameno ny fiainanao koa ve ny




NY BAIBOLY HO AN'NY REHETRA

"Ary nandroso sy niely ny tenin' Andriamanitra" (Asa 12:24)



Nanao fanitisiana ireo fahadisoana sasany tamin'ny fandikan-teny ny Baibolin'i Wycleff (nadika avy tamin'ny teny Latina) i Tyndale (1494-1536), ka nanao fandikana mivantana avy amin'ny teny nanoratana azy. Namoka ny Testamenta Vaovao nadika avy amin'ny teny Grika izy.

Miles Coverdale no nanohy sy nameno ny asan'i Tyndale tamin'ny fandikana ny Testamenta Taloha avy amin'ny teny Hebreo nanoratana azy. Koa, nivoaka àry ny Baiboly voalohany amin'ny teny Anglisy tamin'ny 1535.




Io dikan-teny io no fototry ny fandikan-tenin'ny Baiboly be mpampiasa indrindra eo amin'ireo mpiteny Anglisy: ny *King James Version*, navoaka tamin'ny 1611. Ny asan'i Tyndale sy Coverdale ary ireo manam-pahaizana namolavola ny *KJV* dia nisy fiantraikany tamin'ny olona an-tapitrisany maro, ka nitondra azy ireo ho amin'ny fahalalana an'Andriamanitra.

Mahagaga fa ny lehilahy iray izay tsy nampiseho ampahibemaso ny fandraisany ny Fanavaozana ara-pivavahana no tena mpanampy nilaina indrindra tamin'ireny fandikan-teny ireny: Erasmus avy any Rotterdam, izay namoka ny Testamenta Vaovao tamin'ny teny Grika tamin'izany fotoana izany (izay fototry ny fandikana rehetra nataon'ny Mpanavao fivavahana).




NY BAIBOLY HO AN'NY REHETRA

Raha mbola teo am-pamolavolana sy famoahana ny Baiboly dikan-teny anglisy, dia mpanavao fivavahana hafa koa no nandika ny Baiboly tamin'ny fitenin-drazany. Amin'izany fomba izany, dia afaka namaky mivantana ny Baiboly ny mponin'i Eoropa, sy ilay “Tontolo Vaovao” vao hita.



Martín Luther
Allemand (1534)



**Pierre Robert
Olivétan**
Frantsay (1535)



Brest Bible
Polonais (1563)




**Casiodoro de
Reina**
Española (1569)




Kralice Bible
Tchèque (1579)



Jonas Bretkunas
Lithuanien (1579)



Jurij Dalmatin
Slovaque (1584)




Giovanni Diodati
Italien (1607)



João Ferreira de Almeida
Portuguais (1691)

NY MPANDIKA NY BAIBOLY

"fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitra ny faminaniana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany" (2 Petera 1:20)



Rehefa namaky voalohany ny Baiboly tamin'ny teny Latina i Martin Luther, dia niova ny fiainany.

Rehefa namadibadika ny takila tsirairay izy, dia tsapany fa nisy hery ambony kokoa nanazava ny sainy. Velona sy mahery ny Filazantsara. Nanjavona ny fomban-drazana maizimaizina, ary nipoitra ny fahasoavan'i Kristy. Hery inona no nanazava ny sainy? Ny Fanahy Masina, ilay hany mpandika teny ny Baiboly nahazo alalana, no nanambara ny fahamarinana voarakitra ao. Ary io Fanahy Masina io ihany no omena antsika mba hahatakra ihany koa isika! (Jaona 14:26; 16:13).

Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia niharihary fa tsy misy firindrana teo amin'ireo lovantsofina nampianarin'ny fiangonana ofisialy sy ireo fahamarinana voarakitra ao amin'ny Baiboly. Voarakitra ao amin'ny Baiboly ny hany fitsipika momba ny finoana sy ny fitondran-tena, sady ambaran'ny Fanahy Masina amintsika.



“Tsy hisy vokany ny fitoriana ny teny raha tsy misy ny fanatrehana sy ny fanampiana mitohin'ny Fanahy Masina. Io ihany no mpampianatra mahomby ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra. Rehefa arahin'ny Fanahy ao am-po ihany ny fahamarinana vao hamelombelona ny feon'ny fieritreretana na hanova ny fiainana. Misy mety afaka hampiseho ny tenin'Andriamanitra amin'ny maha-soratra azy, mety hifankazatra amin'ny didiny sy ny teny fikasany rehetra; nefa raha tsy mampitoetra ny fahamarinana ny Fanahy Masina, dia tsy hisy fanahy hiantoraka eo amin'Ilay Vatolampy ka ho torotoro”

EGW (Ilay Fitiavana Mandresy, p. 725)



**NY FOTOTRA
IORENAN'NY
FAMONJENA**

SOLA GRATIA / SOLA FIDE / SOLUS CHRISTUS

"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra—" (Efesiana 2:8)

Fahamarinana fototra telo lehibe no hita ao amin'ny Efesiana 2:8

- 1 Fahasoavana irery** ihany no amonjena antsika
- 2 Finoana ihany** no fomba hahazoana fahasoavana
- 3 Fanomezana avy amin'Andriamanitra, fanomezana ny Zanany: Kristy irery ihany**

Noho ny fahotantsika dia voaheloka ho amin'ny fahafatesana mandrakizay isika (Rom. 6:23a). Kanefa nanamboatra fomba handoavana ny trosantsika sy hanomezana antsika ny fiainana mandrakizay Andriamanitra (Rom. 6:23b). Ary nahoana isika no mila an'Andriamanitra hanefa ny trosantsika? Satria tsy afaka hanefa izany isika na amin'ny fomba ahoana na ahoana (Sal. 49:8; Efes. 2:9). Rehefa hitan'i Martin Luther fa i Kristy irery hany no loharanon'ny famonjena azy, dia nanomboka nitory izany fahamarinana izany izy. An'arivony, izay voafatotry ny fitaka nataon'ny fahavalo, no nafahana sy novàna.

Na dia maimaim-poana aza ny famonjena, dia tsy voafetra ny sandany, ary ampy ho an'ny rehetra (Jaona 3:16; Rom. 8:32).



MITOMBO AMIN'NY FAHASOAVANA

"fa mitombo amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena" (2 Petera 3:18)



Nandritra ny Moyen Âge, dia nihevitra ny ahazo famonjena (sy ny an'ny razambeny) amin'ny alalan'ny sorona masina, didy avy amin'ny Papa, fampajalian-tena, fivahiniana masina... ny olona



Nampahory ireo rehetra ireo. Tsy nety ho ampy mihitsy. Mandra-pahitany ny fahasoavan'i Kristy. Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nahatsiaro ho afaka tokoa izy ireo.

Moa nitarika azy ireo hanao tsinontsinona ny Lalàna, sa hankatò azy izany fahafahana izany?

Tohina tamin'ny fampidirana nataon'i Luther ny amin'ny epistily ho an'ny Romana i John Wesley (1703-1791), iray tamin'ireo mpanorina ny hetsika Metodista. Nitarika azy hikatsaka fitomboana amin'ny fahasoavana ny finoany

vaovao. Tsy nahatonga azy hanamavo ny Lalàna ny fahafantarany ny famonjena ny tenany amin'ny alalan'ny fahasoavana, fa vao maika nandinika izany bebe kokoa, mba hifanaraka hatrany hatrany amin'ny fiainana izay andrasan'i Kristy aminy ny



“Ny foto-kevitra lehibe notanan'ireo Mpanavao fivavahana ireo – dia izay notanan'ny Vaudois, ry Wycliffe, ry John Huss, ry Luther, Zwingli, ary ireo rehetra niray tamin'izy ireo—dia ny fahefan'ny Soratra Masina tsy mety diso amin'ny maha-fitsipiky ny finoana sy ny fiainana an'izany. Nolaviny ny zon'ny papa, ny an'ny Konsily, ny an'ireo Rain'ny fiangonana, ny an'ny mpanjaka, hifehy ny feon'ny fieritreretana raha ny momba ny fivavahana. Ny Baiboly no fahefana ho azy, ary nosedrainy tamin'ny fampianarany ny foto-pinoana rehetra sy ny fihamboana rehetra. Ny finoana an'Andriamanitra sy ny Teniny no nanohana ireo olo-masina ireo raha namoy ny ainy teo amin'ny antontan-kitay fandoroana izy. “Mahereza,” hoy Latimer tamin'ilay maritiora namany raha nadiva hampangina ny feony ny lelafo, “handrehitra fanilo eto Angletera isika anio, noho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay itokisako fa tsy ho faty na oviana na oviana.”—Works of Hugh Latimer 1:8”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 257)